Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

# SAP

# « FIANGONANA MIADY NY ADY TSARAN'NY FINOANA »
# (1 Timoty 6 : 12)

# GIDEONA
# Mpitsara 6: 1 - 16

# GIDEONA

TARIDALANA :

Nomen'Andriamanitra ho an'ny zanak'isiraely ny tany fampanantenana, ka nitondrany azy ireo ho fahazoany ny tany sy niantohany azy fandriampahalemana taorian'ny ady. Ho takalon'izany dia takian'Andriamanitra amin'izy ireo ny andringanany ny fahavalony izay hatao hazo lambo mihitsy mba ho lany tamingana. Izany no atao dia ny mba tsy hiharoharoan'ny zanakisiraely sy tsy hanambadiany azy ireny. Ny fanambadiana amin'ny firenen-kafa mantsy dia manokatra varavarana hidiran'ireo andriamani-kafa ho ao amin'ny vahoakan'Andriamanitra. Saropiaro Andriamanitra ka tsy mahazaka ny fivadihan'ny vahoaka nanaovany fanekena izay nanjary nanompo ny sampin'ireo mivavaka amin'andriamanitra maro.

Nanaja izany fanekena izany ny taranak'i Josoa. Fa ny taranaka nandimby azy kosa dia tsy niraharaha loatra ny fombafomban'ny tany aloha ka sodokan'ny fivavahana kananita. Niseho avy hatrany ny fahatezeran'Andriamanitra vokatr'izany: nomelohiny ny hebreo ka navelany ho hazan'ny mpangalatra sy ny mpananibohitra. Taorian'ny antso vonjy nataon'ny vahoakany no nanirahan' Andriamanitra ny mpaminaniny ho azy ireo sy niantsoan' ny olomboafidiny … Gideona !

TENY DINIHANA: Mpitsara 6. 1-16

1 Ary nanao izay ratsy eo imason'i Tompo ny Zanak'Isiraely, ka dia natolotr'i Tompo ho eo an-tànan'ny Midiana fito taona izy;
2 ary ny tanan'ny Midiana dia nahery tamin'ny Isiraely, ka ny tahony ny Midiana no nanamboaran'ny Zanak'Isiraely ireo fierena any an-tendrombohitra sy ireo zohy mbamin'ny fiarovana.
3 Ary rehefa namafy voa ny Isiraely, dia avy ny Midiana sy ny Amalekita ary ny zanaky ny atsinanana ka niakatra hanafika azy.
4 Dia nitoby tandrifiny ireny ka nanimba ny vokatry ny tany hatrany akaikin'i Gaza; ary tsy nisy zavatra navelany hiveloman'ny Isiraely, na ondry aman'osy, na omby, na boriky;
5 fa niakatra izy nitondra ny omby aman'ondriny sy ny lainy, ka ny fihaviny dia tahaka ny valala ny hamarony, ary tsy hita isa izy sy ny ramevany; dia niditra tamin'ny tany izy handrava azy
6 Ary dia nahantra indrindra ny Isiraely noho ny Midiana, ka nitaraina tamin'i Tompo izy.
7 Ary raha nitaraina tamin'i Tompo ny Zanak'Isiraely noho ny Midiana,
8 Andriamanitra dia naniraka mpaminany anankiray ho any amin'ny zanak'Isiraely, izay nilaza taminy hoe: Izao no lazain'i Tompo Andriamanitry ny Isiraely Izaho no nitondra anareo niakatra avy tany Egypta sady nitondra anareo nivoaka avy tany amin'ny trano nahandevozana
9 ary namonjy anareo tamin'ny tanan'ny Egyptiana sy ny tànan'izay rehetra nampahory anareo, dia nandroaka ireny teo anoloanareo Aho, ka nomeko anareo ny taniny;
10 ary hoy Izaho taminareo: Izaho no Tompo Andriamanitrareo; aza matahotra ny andriamanitry ny Amorita, izay tompon'ny tany onenanareo; nefa tsy nihaino ny feoko ianareo.

11 Dia tonga Ilay Anjelin'i Tompo ka nipetraka teo ambanin'ny hazo terebinta teo Ofra, izay an'i Joasy Abiezrita; ary Gideona zanany nively vary tamin'ny fantàka teo anilan'ny famiazam-boaloboka mba hafeniny amin'ny Midiana.
12 Ary Ilay Anjelin'i Tompo niseho taminy ka nanao taminy hoe: Tompo no momba anao, ry lehilahy mahery.
13 Fa hoy Gideona taminy: Indrisy, Tompoko, raha momba anay ny Tompo, nahoana no ozoin'izao rehetra izao izahay? Ary aiza ny fahagagana rehetra nataony, izay nolazain'ny razanay taminay hoe: Tsy nitondra anay niakatra avy tany Egypta va Andriamanitra? Fa ankehitriny efa nahafoy anay mihitsy Andriamanitra ka nanolotra anay eo an-tànan'ny Midiana.
14 Dia nitodika nijery azy ny Tompo ka nanao hoe: Mandehana amin'izao herinao izao, ka vonjeo ny Isiraely amin'ny tanan'ny Midiana; tsy efa naniraka anao va Aho?
15 Fa hoy izy taminy: Indrisy, Tompo ô, hataoko ahoana no famonjy ny Isiraely? He! ny mpianakaviko no malahelo indrindra eo amin'ny Manase, ary izaho no kely indrindra amin'ny ankohonan'ny raiko.
16 Dia hoy ny Tompo taminy: Homba anao tokoa Aho, ka hamely ny Midiana toy ny famely olona iray monja ianao.

FANAZAVANA :

Andininy 1-6a : **ny fivadihan'ny zanakisiraely tamin'Andriamanitra sy ny vokatr'izany**

*Tamin'ny fomba ahoana i Bala, izay andriamanitry ny firenen-kafa, no tafiditra teo amin'ny fivavahan'ny isiraelita ka nahazoany ny toeran'Andriamanitra tao amin'ny fon'ny vahoakany?*

**Ny firaisamonina tao Kanana**

Mariho ny firaisamonin'ny hebreo tamin'ireo firenenkafa izay babony tao amin'ny tany fampanantenana, araka izay hita sy voazava ao amin'ny toko 1. Kanefa Andriamanitra nitaky tamin'ny vahoakany, nandritry ny fitondràn'i Josoa, ny handringanana ny fahavalo tsy ho eo anivon'izy ireo ka hanaovana azy ireny hazalambo mba tsy hiharoharoana aminy na hiombona amin'ny fanambadiana miaraka aminy. Toy ny varavarana misokatra hidiran'ny andriamani-kafa mantsy ny fiombonam-panambadiana mety hatao amin'ny vahiny araka ny fiheveran'i Tompo. Noho izao firaisamonina izao àry dia voasariky ny andriamani-kafa ny isiraelita ary ny fivavahany dia tamin'i Bala (maro karazana izany isaky ny vohitra).

**Ny fandrika velarin'i Bala**

Bala (teny hebreo בָּעַל, **Báʿal,** ka ny dikan'ny voalohany dia *« manampahefana, tompo »*) no anarana nentin'ireo andriamanitra tatsinanana maro. Manana hevitra ihany koa izy hoe *« vady »* (ao amin'ny bokin'i Jeremia ohatra, toko 3 : 14, Andriamanitra no milaza ny tenany ho toy ny *bala –vady-* nafoin'ny vahoakany, toko 2 : 13). Aseraha eo ankilany, no andriamanibavin'ny fitiavana sy ny fahavanonana (6 : 28). Voasarik'ireo andriamani-kafa ireo ny hebreo ka nanatanteraka fanompoam-pivavahana ho azy ireo ihany koa. Na dia efa

tranainy be azy ireo fivavahana ireo dia mipoitra eny foana satria mamaly ny hetahetan'ny olona mivavaka amin'ny fampiasany hery miafina amin'ny tenany (ny ezaka ataon'ny tena izay manome fahafahampo ireo andriamanitra no hahazoana fitahiana) : toy ny fanompoana mahery vaika amin'ny fanomezana hasiny ny herin'ny ra, ny firaisana ara-nofo ary ny fahavanonana. Rehefa nandao an'i Tompo ny zanakisiraely dia lavo tamin'ny fandriky ny filàny ka niankohoka teo anoloan'ireo karazana Bala *(2 : 3, 17, 19 / 8 : 33, taorian'ny nahafatesan'i Gideona dia niverina tamin'izany fanaony izany ihany izireo, dia toy izany hatrany).*

**Latsaka tamin'ny fahantrana tanteraka ny vahoakan'Andriamanitra**

Nanao izay *« ratsy indrindra teo imason'Andriamanitra » ny zanakisiraely*. Izany hoe, tsy nohajainy ny didy voalohany. Toy ny firavaka iambozonana misy vakana isankarazany izany, rehefa tapaka ny rojo dia latsaka mora foana ireo vakana ka very avokoa. Ny zavadoza ateraky ny fahotana dia ny fitotongan'ny fitondrantena izay mahatonga fahosana ho an'ny vahoakan'Andriamanitra amin'ny lafim-piainany rehetra: tafiditry ny fahavalo ny tananany ka tsy afa-manoatra akory izy ireo manoloana ny mpananibohitra izay mampijaly azy mafy.

Andininy 6b-16 : **ny fibebahan'ny zanakisiraely sy ny fidinan'Andriamanitra hamonjy azy**

**Antso vonjy sa fibebahana marina ?**

Fihetsika voajanahary rehefa sendran'ny loza dia ny fiantsoana *« vonjeo ! »*. Izany koa ve no nataon'ny hebreo izay noravàn'ny fahavalony ? Antsoantso averimberina matetika satria manan-kery ve izany mba hahazoana ny fitahian'Andriamanitra ka hanadinoana Azy indray rehefa vita ny famonjeny (mariho fa imbetsaka ny zanakisiraely no nitaraina ato amin'ny bokin'ny Mpitsara)? Kanefa araka ny toko faha-*2 : 4,* dia avy amin'ny fo torotoro io fitarainana io : *« nanandratra ny feony ny vahoaka ka nitomany »*. Ny fo nivadika tamin'Andriamanitra no antsoina mba hotriarina ka hahafahan'ilay fitiavana voalohany maka toerana: *« Koa na dia ankehitriny aza, hoy ny Tompo, miverena amiko amin'ny fonareo rehetra ary amin'ny fifadian-kanina sy ny fitomaniana ary ny fitarainana. Ary ny fonareo no triatriaro, fa aza ny fitafianareo, ary miverena amin'i Tompo Andriamanitrareo; Fa mamindra fo sy miantra Izy, mahari-po sady be famindram-po ary manenina ny amin'ny loza» (Joela 2: 12-13).*

**Ny famonjen'Andriamanitra**

Mitondra ny vahoakany Andriamanitra kanefa mamela azy ireo ho hazan'ny fahavalony Izy rehefa mivadika amin'ny fanekena nataony taminy ireo. Kanefa dia momba azy ireo Izy ka mamonjy azy rehefa miala amin'ny sampiny ireo sady manokatra ny fony

hihaino ny feon'i Tompo. Dingana roa no isehoan'izany : amin'ny alàlan'ny mpaminaniny, sy, amin'ny alàlan'ny irany.

- *Mampahatsiaro ny fanekeny amin'ny olony Andriamanitra amin'ny alàlan'ny mpaminaniny:*

Nihazona ny fanekeny Andriamanitra tamin'ny vahoakany, nanomboka tamin'ny fivoahan'izy ireo tamin'ny fanandevozana. Tsy miova Izy ary manohy mitondra ny tantara satria Tompon'izao rehetra izao Izy. Tamin'ny herin'ny Teniny no nahariana izao tontolo izao ary amin'ny alàlan'izany Teny izany no hitahiany ny vahoakany sy ny firenena rehetra *(ampitahao, Genesisy 12 : 2-3).* Tsy mitsahatra ny mampita izany Teny izany ny mpaminany mba hampitandremana ny vahoakan'Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra ka hipetraka ho tadidy izany *(ampitahao, Isaia 62 : 6, « Efa nanendry mpiambina ho eny ambonin'ny mandanao Aho, ry Jerosalema ô, koa mandrakariva na andro na alina dia tsy mahazo mangina ireny; eny, ianareo izay mpampahatsiaro an'i Tompo, aza mitsahatra»).*

- *Mifidy sy maniraka « mpamonjy » Andriamanitra:*

Azon'Andriamanitra atao ny midina mivantana ka mamonjy ny olony. Olona anefa no vonjena ka dia mifidy olona Izy mba hanatanteraka izany. Toy ny fiantsoana an'i Gideona eto. Miankina amin'Andriamanitra izany safidy izany fa tsy avy amin'ilay olona velively. Sady tsy mahavonjy tena ny olona no tsy afaka mamonjy ny hafa ihany koa satria Andriamanitra irery ihany no mahefa izany *(ampitahao, Salamo 146 : 3).* Izany no antony nisalasalan'i Gideona nanoloana ny antson'Andriamanitra azy satria ny tahotra ny fahavalo no nibahana teo aminy. Mariho fa mifandray hatrany amin'Andriamanitra ny iraka mba hahazoany antoka tsara ny amin'ny iraka ampanaovina azy. Zavatra anankiroa no azo sintonina amin'izany :

- *Mandinika ny olona irahiny Andriamanitra*

Dinihin'ilay Anjelin'i Tompo ny iraka mialohan'ny iantsoany azy *(6 : 11).* Zavadehibe eo anatrehan'i Tompo ny faharesendahatry ny olona izay mitsinjo ny mpiara-belona aminy ka tsy miray petsapetsa amin'ny faharatsiana izay mahazo laka eo amin'ny tontolony. Tsikariny hatramin'ny hakingany, ny tanjany sy ny hery ampiasain'ny olona ho fiadiany amin'ny rariny. Ary mainka koa hanankery lehibe izany rehefa mitoky amin'Andriamanitra ilay olona *(6 : 25snm)*

- *Tsindrian'ny Fanahin'Andriamanitra ny iraka*

Homban'Andriamanitra amin'ny fanatrehany ny iraka mandritra ny asa ampanaovina azy. Izany no mandroaka ny tahotra ao amin'ny olona izay manao ny asan'Andriamanitra *(« Andriamanitra no fiadanana », 6 : 24 / Matio 28 : 20).* Tsaroan'i Gideona fa amin'ny fandrakofan'Andriamanitra azy ny Fanahiny no hanavotan'i Tompo ny olony fa tsy amin'ny herin'ny tenan'olombelona loatra:

*« Ary notsindrian'ny Fanahin'i Tompo Gideona... Ary hoy ny Tompo tamin'i Gideona: Maro loatra ny vahoaka eo aminao, ka tsy hanolotra ny Midiana eo an-tànany Aho, fandrao hirehareha amiko ny Isiraely ka hanao hoe: Ny tanako ihany no namonjy ahy » (6: 34 / 7: 2).*

FAMPIHARANA :

Eo amin'izay misy ny fironan'ny olona hanandratra ny herin-tenany no famantarana ny amin'ny Bala, izay miseho sy miverimberina mitranga isaky ny sivilizasion'ny zanak'olombelona. Araka ny hevitrao, inona avy ireo Bala amin'ny andro ankehitriny ?

Nahoana ny kristiana no voatarik' izany fironana izany ? Ahoana no fomba hialàny amin'izany ?

Ny fahalalana diso momba ny finoana an'i Jesoa dia manapoitra filazantsara hafa na filazantsara mivadika *(Galatiana 1 : 6-7).* Asehoy ny fiambenana ataon'ny Fiangonana mba hiatrehana izany.

RAMAHERIJAONA Jean-Teddy, Mpitandrina

# GEDEON

PREFACE :

Dieu livre la terre promise aux Israélites, les accompagnant dans leur conquête, leur garantissant la paix après la bataille. En échange, il exige que son peuple extermine leurs ennemis, les chasse, qu'il ne se mêle jamais à eux et ne s'unisse surtout pas par le mariage. Car une telle mixité constitue une porte ouverte aux dieux étrangers. Dieu est jaloux, il ne peut tolérer que ceux avec qui il a fait alliance se détournent pour adorer les idoles des polythéistes.

La génération de Josué respecte ce commandement, mais une autre la remplace, peu concernée par les vieilles traditions et surtout assez séduite par la religion des Cananéens. La réaction de Dieu ne se fait pas attendre : Il condamne les Hébreux à être la cible des voleurs et d'envahisseurs. Après le cri de détresse de son peuple, Dieu intervient en envoyant son prophète et en faisant appel à son élu… Gédéon !

TEXTE : Juges 6. 1-16

1 Et les fils d'Israël firent ce qui est mauvais aux yeux de l'Éternel ; et l'Éternel les livra en la main de Madian pendant sept ans.
2 Et la main de Madian fut forte sur Israël. À cause de Madian, les fils d'Israël se firent les antres qui sont dans les montagnes, et les cavernes, et les lieux forts.
3 Et il arrivait que, quand Israël avait semé, Madian montait, et Amalek et les fils de l'orient ; et ils montaient contre lui.
4 Et ils campaient contre eux, et détruisaient les produits du pays jusqu'à ce que tu viennes à Gaza, et ils ne laissaient point de vivres en Israël, ni mouton, ni bœuf, ni âne.
5 Car ils montaient, eux et leurs troupeaux et leurs tentes ; ils venaient nombreux comme des sauterelles ; et eux et leurs chameaux étaient sans nombre ; et ils venaient dans le pays pour le ravager.
6 Et Israël fut très-appauvri à cause de Madian ; et les fils d'Israël crièrent à l'Éternel.
7 Et il arriva que, lorsque les fils d'Israël crièrent à l'Éternel à cause de Madian,
8 l'Éternel envoya aux fils d'Israël un prophète qui leur dit : Ainsi dit l'Éternel, le Dieu d'Israël : Je vous ai fait monter d'Égypte, et je vous ai fait sortir de la maison de servitude,
9 et je vous ai délivrés de la main des Égyptiens et de la main de tous vos oppresseurs ; et je les ai chassés de devant vous, et je vous ai donné leur pays.
10 Et je vous ai dit : Moi, je suis l'Éternel, votre Dieu ; vous ne craindrez point les dieux de l'Amoréen, dans le pays duquel vous habitez. Et vous n'avez pas écouté ma voix.
11 Et un ange de l'Éternel vint, et s'assit sous le térébinthe qui est à Ophra, lequel était à Joas, l'Abiézerite. Et Gédéon, son fils, battait du froment dans le pressoir, pour le mettre en sûreté de devant Madian.
12 Et l'Ange de l'Éternel lui apparut, et lui dit : L'Éternel est avec toi, fort et vaillant homme.
13 Et Gédéon lui dit : Ah ! Mon seigneur, si l'Éternel est avec nous, pourquoi donc toutes ces choses nous sont-elles arrivées ? Et où sont toutes ses merveilles que nos pères nous ont racontées, en disant : L'Éternel ne nous a-t-il pas fait monter hors d'Égypte ? Et maintenant l'Éternel nous a abandonnés, et nous a livrés en la main de Madian.
14 Et l'Éternel le regarda, et lui dit : Va avec cette force que tu as, et tu sauveras Israël de la main de Madian. Ne t'ai-je pas envoyé ?

15 — Et il lui dit : Ah ! Seigneur, avec quoi sauverai-je Israël ? Voici, mon millier est le plus pauvre en Manassé, et moi je suis le plus petit dans la maison de mon père.
16 Et l'Éternel lui dit : Moi je serai avec toi ; et tu frapperas Madian comme un seul homme.

EXPLICATIONS :

Versets 1-6a : **offense des israélites à Dieu et ses conséquences**

*Comment Baal, le dieu des pays étrangers, a envahi la vie cultuelle d'Israël et a pu prendre la place de Dieu parmi son peuple ?*

**La cohabitation en Canaan**

Notons cette cohabitation des Hébreux d'avec les nations qui leurs sont assujettis en terre promise, bien détaillée et explicitée au chapitre 1. Alors qu'auparavant, sous la conduite de Josué, Dieu exige que son peuple extermine leurs ennemis d'au milieu d'eux, les chasser, et de ne jamais se mêler à eux ni ne s'unir surtout pas par le mariage. Car, dans l'esprit de Dieu, une telle mixité est la porte ouverte aux dieux étrangers. A cause de cette cohabitation, les Israélites sont séduits par les dieux étrangers et leurs adorations se portent notamment sur Baals (chaque ville possède une divinité propre : Baal local).

**Les pièges de Baal**

Baal (hébreu **בַּעַל**, **Báʿal,** au sens premier, signifie *« maître, seigneur »*) sert de nom à différents dieux du panthéon oriental. De même, Il signifie *« mari »* (par exemple, en Jérémie 3 : 14, Dieu se présente comme un *baal –époux-* délaissé par son peuple, 2 : 13). Astarté s'associe à lui, est la déesse de l'amour et de la fécondité (6 : 28). Les Hébreux sont influencés par ces divinités étrangères et ont approuvé les cultes offertes à elles. Ces cultes, même très anciennes, renaissent sans cesse en répondant favorablement au besoin des adeptes qui utilisent leurs forces instinctives (la bénédiction provient de l'effort personnel en faisant plaisir aux divinités) : célébration très intense en sacralisant les forces élémentaires du sang, de la sexualité et de la fécondité. Les israélites abandonnant le Seigneur sont pris dans le piège de leurs tendances en s'agenouillant devant les Baals *(2 : 3, 17, 19 / 8 : 33, même après la mort de Gédéon, et ainsi de suite).*

**L'appauvrissement du peuple de Dieu**

Les israélites ont commis le *« mal aux yeux de Dieu »*, c'est-à-dire qu'ils n'ont pas honoré le 1er commandement. Tel un collier à perles, lorsque le fil qui les tient est cassé alors toutes ses pierres précieuses tombent facilement et se perdent. La gravité du péché engendre une dégradation morale et affaiblit le peuple de Dieu dans tous les aspects de leur vie : ils sont envahis par ses ennemis et demeurent impuissants devant leurs oppresseurs qui les prennent pour cibles.

6b-16 : **repentance des israélites et intervention de Dieu pour leur salut**

**Cri de détresse ou repentance sincère ?**

Au cours d'une détresse, on crie *« au secours ! »* par réflexe. Est-ce aussi le cas des Hébreux ravagés par ses ennemis ? Est-ce un cri répétitif magique pour obtenir la faveur de Dieu et de se détourner de Lui quand tout s'améliore (à remarquer que les enfants d'Israël ont crié plusieurs fois dans ce livre de Juges)? En *2 : 4*, ce cri provient d'un cœur repentant : *« le peuple pousse des cris et pleure »*. C'est le cœur infidèle qui est appelé à se déchirer pour faire place au premier amour : *« Ainsi, encore maintenant, dit l'Éternel, revenez à moi de tout votre cœur, avec jeûne, et avec pleurs, et avec deuil ; et déchirez vos cœurs et non vos vêtements, et revenez à l'Éternel, votre Dieu ; car il est plein de grâce et miséricordieux, lent à la colère et grand en bonté, et il se repent du mal dont il a menacé » (Joël 2 : 12-13).*

**Intervention divine**

Dieu conduit son peuple mais laisse ce dernier traqué par ces ennemis lorsqu'il a rompu l'alliance faite avec Lui. Cependant, Il se met à leur coté en manifestant son intervention quand les Hébreux se débarrassent des idoles en se mettant à ouvrir leurs cœurs à la voix du Seigneur. Cela se passe en deux temps : par le biais de son prophète, et aussi, de son envoyé.

- *Il rappelle son alliance avec son peuple par le biais de son prophète :*

Dieu tient sa promesse envers les Hébreux depuis leur sortie de l'esclavage. Il n'a pas changé et continue de conduire l'histoire car Il est le Maître de l'univers. Il a créé le monde par la puissance de sa Parole et c'est par cette Parole qu'Il accorde la bénédiction à son peuple et au monde entier *(comparer, Genèse 12 : 2-3).* Les prophètes ne cessent de transmettre cette parole pour avertir le peuple de Dieu à toute occasion pour qu'il s'en souvienne *(comparer, Esaïe 62 : 6, « sur tes murailles, Jérusalem, j'ai établi des gardiens ; ils ne se tairont jamais, de tout le jour et de toute la nuit. Vous qui ravivez la mémoire de l'Éternel, ne gardez pas le silence »).*

- *Il choisit et envoie un « sauveur » :*

Dieu peut intervenir directement en faveur de son peuple pour le sauver. Comme c'est l'humain qui a besoin d'être secouru alors Il choisit un humain pour le faire. C'est le cas de la vocation de Gédéon. Ce choix dépend de Dieu et non de l'homme. L'homme est incapable de se sauver lui-même ni de sauver ses semblables car c'est Dieu seul qui peut le réaliser *(comparer, Psaumes 146 : 3).* Raison pour laquelle, Gédéon a hésité à l'appel du Seigneur car il est aussi impressionné par l'oppresseur. On remarque que l'envoyé dialogue avec Dieu pour être sûr de sa mission. Voici donc deux choses qu'on peut retenir :

- *Dieu observe son élu*

L'Ange de l'Eternel observe l'envoyé avant de l'appeler *(6 : 11).* C'est très important aux yeux de Dieu les motivations des hommes qui ont de la compassion pour ses semblables et qui restent à l'écart des corruptions généralisées pratiquées dans son entourage. Il remarque même l'intelligence, la force et l'énergie de celui qui veut les déployer en faveur de la justice. Et ceux-là auront encore beaucoup d'ampleur lorsque la personne s'appuie sur Dieu *(6 : 25ss)*

- *Dieu revêt son envoyé*

Au cours de sa mission, l'envoyé est assuré de la présence de Dieu. Cet acte exorcise la peur de tout homme qui se met au service de Dieu *(« le Seigneur est paix », 6 : 24 / Matthieu 28 : 20).* Gédéon a compris que ce n'est pas par la force humaine que Dieu délivre son peuple mais par son Esprit qu'Il revêt à son élu : *« Et l'Esprit de l'Éternel revêtit Gédéon… Et l'Éternel dit à Gédéon : Le peuple qui est avec toi est trop nombreux, pour que je livre Madian en leur main, de peur qu'Israël ne se glorifie contre moi, disant : ma main m'a sauvé. » (6 : 34 / 7 : 2).*

PRATIQUES :

Baal symbolise la présence ou le retour périodique, en toute civilisation, d'une tendance à exalter les forces instinctives humaines. Quels sont d'après vous les Baals de notre époque ?

Pourquoi les chrétiens sont ils séduits par cette tendance ? Et comment s'en sortir ?

Une mauvaise compréhension de la foi en Jésus suscite un évangile différent, perverti au sein de l'Assemblée *(Galates 1 : 6-7).* Montrer la vigilance de l'Eglise pour en faire face.

RAMAHERIJAONA Jean-Teddy, Pasteur